REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

AMBASSADE DE MADAGASCAR EN ITALIE

FAMPITAM-BAOVAO MIKASIKA NY FAMPODIANA IREO MALAGASY

Ho fanatanterahana ireo toromarika avy amin'ny Andriamatoa Filohampirenena nandritra ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety ny 08 Aogositra 2021 dia hisy sidina manokana miisa efatra izay miainga avy ao Paris, France amin'ireto daty manaraka ireto:

- Alahady 22 Aogositra 2021
- Asabotsy 28 Aogositra 2021
- Alahady 12 Septambra 2021
- Alahady 19 Septambra 2021

Ireo Malagasy tsy maintsy hody tanteraka any an-tanindrazana noho ny antony tsy azo anoharana no voatokana hisitraka ireo sidina ireo ; toy ireo nahavita fianarana, ireo izay nahatapitra fifanarahana arak'asa(contrat) ; ireo izay lany visa ; ary koa ireo izay tsy maintsy nitsabo tena taty ivelany.

Ny fangatahana hody dia atao mazava tsara ary alefa mailaka amin'ity adiresy manaraka ity, fampodiana2021@diplomatie.gov.mg miaraka amin'ireto antontantaratasy manaraka ireto :

- **Taratasy manamarina (pièces justificatives) fa tsy maintsy mody any Madagasikara rehefa tapitra ny anton-dia mazava nankanesana taty ivelany ;**
- **Kopian'ny pasipaoro malagasy sy adiresy mazava any Madagasikara**
- **Taratasy fanekena (lettre d'engagement) fa tsy hivoaka an'i Madagasikara intsony mandrapisokatry ny sisintany.**

Marihina fa io adiresy tokana voalaza etsy ambony io ihany no andraisana ny fangatahana hody ho an'ireo sidina manokana miisa efatra ireo.

Via Ricardo Zandonai 84/A – 00135 Rome
Tél: +39 068 932 5880
E-mail: ambamadroma@gmail.com
ambamad-rome@diplomatie.gov.mg

Ireto manaraka ireto kosa ny fepetra tsy maintsy arahin'ireo izay nahazo alalana handray ny sidina:

- Nahavita test PCR (négative), 72 ora mialohan'ny hahatongavany any Madagasikara;
- Manao test PCR eo am-pahatongavana;
- Manaiky ny hanao fihibohana any amin'ny trano fandraisambahiny voafantina na eny amin'ny "Centre des loisirs" CNaPS Vontovorona. Ny mpandeha no miantoka ny saran'ny fihibohana.

Marihana fa ireo olona mahafeno fepetra irery ihany no hahazo valiny avy amin'ny tompon'andraikitra. Misaotra.

AMBASSADE DE MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
ROME

Via Ricardo Zandonai 84/A – 00135 Rome
Tél: +39 068 932 5880
E-mail: ambamadroma@gmail.com
ambamad-rome@diplomatie.gov.mg